Mandry an-driran'antsy...

Fiteny tsy dia manavao ny sofina no noraisina ho lohantenin'ity soratra ity.

Na mifilofilo na dombo ny antsy handriana, sahirana ihany raha toa ka mandry an-driran'antsy.

Tsy mitoetoe-poana ny olona raha toa ka misy manahirana ny sainy ary tsy mandrimandry manana aretina izy fa mikaroka ny vaha olana, indrindra fa mandry tsy lavo loha ny ao an-tanana.

Ny valalabemandry izay toa mandry fotsy ny am-pahany betsaka amin'zao fotoana izao noho ny antony maro dia tsy afa-manoatra fa sahirana fatratra raha sendra manan-draharaha ao amin'ny fitsarana.

Isika mpisolovava tsy afaka ny handry ivohon'ny vato raha toa ka mbola manao besisika ny mpijirika sy ny mpanao kolikoly.

Nahoana no isika tompon'ny asa indray no toa mangataka hatiny, mpindrana eo anatrehan'ireo mpanao kolikoly. Dia ho sasa-miandry ny rariny ve?

Izy ireo no tokony handry an-driran'antsy raha toa mitafy fahasahiana ny tsirairay manondro sy manebaka izay fantatra fa mpanao io asa ratsy io.

Saobakaka no atao anarany amin'ny aoriana satria am-body riana ry zareo no mitoetra!

Tsy afaka ny hiteny mihintsy isika hanao hoe : "Mandry ve ny salanitra" ary tsy handry am-piadanana rahatrizay raha toa mbola mameno ny fitsarana ny mpanao kolikoly.

Mametraka ny mandra-panoratra dia…..tafandria mandry.

Radson Solo
Filohan'ny holafitra.